



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA  
Fivavaha - Tanindrazana - Fandrosoana



REPOBLIKA FAHAEFATRA  
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA

FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA VOALOHANY  
TAONA 2023

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX  
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

**FAMINTINANA NY FIVORIAMBE**

LAHARANA FAHA-245

FANDINIHANA SY FANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA MOMBA NY VOLAVOLAN-DALÀNA  
LAHARANA FAHA-003/2023 TAMIN'NY 9 MARTSA 2023  
"SUR LES INVESTISSEMENTS À MADAGASCAR"

Fivoriana faha-6  
Natao ny  
Alatsinainy 22 May 2023  
- Atoandro -

## FIVORIAMBE

**FILOHA:** Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

**MPITANTSORATRA:** Andriamatoa isany:

- RASOLONJATOVO Honoré

- RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle

**FOTOANA:** Alatsinainy 22 Mey 2023, tamin'ny 11 ora sy 25 minitra, atoandro.

**FANDAHARAM-POTOANA:** Fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra momba ny Volavolan-dalàna laharana faha-003/2023 tamin'ny 9 Martsa 2023 "sur les investissements à Madagascar".

Nitohy ny Alatsinainy 22 Mey 2023, tamin'ny 11 ora sy 25 minitra, atoandro, ny fivorian'ny Antenimierampirenena.

Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, Filoha no nitarika izany.

Rehefa niarahaba ny mpivory Ramatoa Filoha dia niangavy ny Mpitantsoratra mba hanao ny fiantsoana anarana.

Nanatanteraka izany, Andriamatoa RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle.

Taorian'izay, nisaotra azy sy nampahatsiahy ny fandaharam-potoana araka ny voalaza etsy ambony, Ramatoa Filoha, sady niangavy ny Mpampakatenin'ny Vaomiera hamaky ny tatitra momba volavolan-dalàna.

Nanatontosa izany, Andriamatoa RAVELOSON Guillaume Narinandrasana, ka toy izao no fivakiny:

Nivory ny Alatsinainy faha-15 Mey 2023 tamin'ny 10 ora, maraina, ny Vaomieran'ny Industria sy ny Fampandrosoana ny Sehatr'asa tsy miankina amin'ny Fanjakana ary ny Orinasa Madinika sy Salantsalany, ny Vaomieran'ny Varotra sy ny Fanjifana, ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola, ny Vaomieran'ny Toekarena sy ny Fanaovana Tetipivoarana, ny Vaomiera momba ny Lalàna ary ny Vaomieran'ny Haren'ny Atirano sy ny Jono nandinika ny Volavolan-dalàna laharana faha-003/2023 tamin'ny 09 martsa 2023 «sur les Investissements à Madagascar».

Andriamatoa RAVELOSON Guillaume Narinandrasana, Filoha Lefitry ny Vaomieran'ny Industria sy ny Fampandrosoana ny Sehatr'asa tsy miankina amin'ny Fanjakana ary ny Orinasa Madinika sy Salantsalany no nitarika ny fivoriana.

Ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Industria sy ny Fampandrosoana ny Sehatr'asa tsy miankina amin'ny Fanjakana ary ny Orinasa Madinika sy Salantsalany tonga nivory;

Andriamatoa isany:

1. ANDRIAMBELOSOA Heriniaina
2. FIENENA Richard Désiré
3. RAVELOSON Guillaume Narinandrasana
4. RALAMBOMANANA Fenoherintsoa
5. RALAMBOZAFIMBOLOLONA RAZAFITSIMIALONA

Ny Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Varotra sy ny Fanjifana tonga nivory :

- Andriamatoa RASOLONJATOVO Honoré

Ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola tonga nivory.

Andriamatoa isany:

1. ANDRIAMIASASOA Doda Nirimboavonjy
2. FIENENA Richard Désiré
3. RASOLONJATOVO Honoré
4. RAZAFINDRIATSARA Jonhson Anatol
5. ANDRIANAMBININA Djohary Lee
6. RALAIVAO Paul
7. VONINAHITSY Jean Eugène
8. RALAMBOZAFIMBOLOLONA RAZAFITSIMIALONA
9. RAMBOASALAMA Emilien
10. RAFIDIMANANA Narson

Ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Toekarena sy ny Fanaovana Tetipivoarana tonga nivory;

Andriamatoa isany:

1. ANDRIAMAMPANDRY Todisoa Manampy
2. RAMBOASALAMA Emilien
3. RALAMBOMANANA Fenoherintsoa

Ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomiera momba ny Lalàna tonga nivory.

Andriamatoa isany:

1. VONINAHITSY Jean Eugène
2. RAFIDIMANANA Narson

Ny Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Haren'ny Atirano sy ny Jono tonga nivory.

- Ramatoa BAOFENO Micheline

Ireo Solombavambahoaka tsy mpikambana amin'ny Vaomiera tonga nivory.

Ramatoa isany:

1. RASOAZANANERA Monique
2. RATSIMANANDRIONA Aïda Hardy

Ireto avy ireo teknisiana avy amin'ny Governemanta tonga nivory.

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

- |     |                               |              |
|-----|-------------------------------|--------------|
| 1.  | RAKOTONDRAMANANA Onja Miandry | SG/MICC      |
| 2.  | VONIHARINJAKA Andry           | DirCab/MICC  |
| 3.  | RAMINDO Gaëtan                | DGI/MICC     |
| 4.  | RANOELIMANANA Vahinisoa       | DAJ/MICC     |
| 5.  | RAFIDY J.                     | DG/EDBM      |
| 6.  | RAMAMONJISOA Tojo             | EDBM         |
| 7.  | RADANISON Patrick             | Juriste MICC |
| 8.  | JOROMANANTSOA H.              | DPSE/MICC    |
| 9.  | RAZAFIMANDIMBY Sadiah         | DCE/MICC     |
| 10. | ANDRIANTAHINA Mirindra        | EDBM         |

Rehefa avy niarahaba ny mpivory Andriamatoa Filoha dia nampahatsiahy, fa noho ny fanapahan-kevitra ny fivoriambe natao ny Zoma faha-12 Mey 2023 dia izao no fotoana handinihana indray ity Volavolan-dalàna ity. Taorian'izany dia nomeny avy hatrany an'Andriamatoa Sekretera Jeneralin'ny Minisitery an'ny Fampiroboroboroana ny Indostria sy ny Varotra ary ny Fanjifana ny fitenenana mba hitondrany fanazavana mikasika ny Volavolan-dalàna.

Teo am-panombohana dia niala tsiny tamin'ny tsy fahatongavan'Andriamatoa Minisitry noho ny andraikitra hafa izay sahaniny ny tenany.

Rehefa izany, nambarany fa anisan'ny nanosika ny fanavaozana ny lalàna mifehy ny fampiasam-bola ny famonjena ny firenena amin'ny tsy fahampian'ny tolotra arak'asa ary hanatanterahana ny veliranon'ny Filohampirenena amin'ny fametrahana ny Indostria ho fototry ny fampandrosoana ny toekarena.

Tsara ny manamarika fa ireo fanovàna sy fanatsarana natao tamin'ity Volavolan-dalàna ity, raha oharina amin'ny lalàna teo aloha mitondra ny laharana faha-2007-036 tamin'ny 14 Janoary 2008 momba ny fampiasam-bola eto Madagasikara dia nalaina avy tamin'ireo fakan-kevitra maro samihafa sy Fifanarahana Iraisam-pirenena efa nosoniavin'i Madagasikara.

Ity Volavolan-dalàna ity dia natao mba hampirisihana ireo mpampiasa vola vahiny sy avy eto an-toerana hiantsehatra am-pilaminana sy ho mari-toerana ka hampaharitra ny sehatry ny fampiasam-bola eto Madagasikara.

Arak'izany, fepetra maromaro no hapetraka mba hisintonana ireo mpampiasa vola toy ny:

- Fahalalahana eo amin'ny fampiasam-bola (Liberté d'investissement) (andiny faha-3) izay namoraina sy nohalalahana kokoa kanefa mametraka fiarovana manokana ireo sehatr'asa izay natokana ho an'ny teratany Malagasy irery ihany toy ny "orpaillage" sy ny "mines artisanales" ary ny fanjonoana madinika;
- Fampitovian-danja ireo mpampiasa vola avy any ivelany sy ny avy eto an-toerana (andiny faha-4);
- Fiarovan'ny Fanjakana ireo zo amin'ny fizaka-manana (andiny faha-6), ka ohatra amin'izany:

- Ny fisian'ny lalàna sy fitsipika miaro ny fampiasam-bola amin'ny ankapobeny sy milaza ny fepetra arahina raha toa hatao ny “nationalisation” na “expropriation” (andininy faha-6.1);
- Ny fanamafisana ny fanajana izay efa voalazan'ny lalàna mikasika ny “expropriation pour cause d'utilité publique des propriétés immobilières” (andininy faha-6.1);
- Ny fametrahana tahaketra tsy miova sady voafaritra mazava ao anatin'ny lalàna (andininy faha-20);
- Ny fahalalahana mandefa ny tombom-barotra amin'ny kaontiny any ivelany (andininy faha-7).

Napetraka ihany koa ny fiarovana ny firenena Malagasy ka:

- Ny orinasa malagasy izay tantanan'ny vahiny sy ny orinasa vahiny dia manaraka ny fepetra takian'ny andininy faha-18, izay mandrara azy ireo hividy tany, fa kosa mamela azy ireo hanao “bail emphytéotique”;
- Ny fametrahana ny fomba famahana ny olana dia atao ara-pirahalaliana mialohan'ny hampiakarana ny raharaha amin'ny ambaratongam-pitsarana mahefa, mba ho fiarovana ny Fanjakana tsy ho voatoritry foana (andininy faha-25 hatramin'ny andininy faha-28).

Misy ihany koa ireo fanatsarana entin'ity Volavolan-dalàna ity, toy ny:

- Fanamorana ny fananganana orinasa (allègement de procédures administratives), (andininy faha-8 hatramin'ny andininy faha-10);
- Fanafoanana ny fitakiana ny karatra CIPENS (Carte d'Identité Professionnelle pour les Etrangers Non-Salariés) atao amin'ireo mpampiasa vola avy any ivelany (andininy faha-16);
- Fametrahana safidy mazava eo amin'ny sehatry ny famahana olana, toy ny fisian'ny «contrat» na «TBI» raha toa tsy misy ny «juridiction étatique ou médiation ou arbitrage» sy ny fanitarana ny sehatra ifandaminana anatin'ny manoloana ny olana misy eo amin'ny mpampiasa vola avy eto an-toerana sy ny Fanjakana Malagasy.
- Fiantohan'ny Fanjakana amin'ny fanamorana ny fahazoan'ireo mpampiasa vola misitraka fampiasana tany sy ny fiarovana azy ireo amin'izany (andininy faha-19).

Nambaran'Andriamatoa Sekretera Jeneraly ihany koa, fa fepetra maromaro no takiana amin'ireo mpampiasa vola (andininy faha-22 hatramin'ny andininy faha-24) toy ny:

- Fanarahana ny lalàna manan-kery;
- Fanajana ny filaminam-bahoaka;
- Fialana amin'ny kolikoly;
- Fampitana fahalalana sy teknolojia;
- Fanofanana ny mpiasa avy eto an-toerana;
- Fikajiana ny tontolo iainana;
- Fanajana ny zon'olombelona;
- Fitantanan-draharaha matotra;
- Fifandanjan'ny fivoarana ara-tsosialy sy ara-toekarena;
- Famoronana asa;
- Fampandrosoana ny mpiara-belona eny ifotony.

Taorian'izay dia niroso tamin'ny fanamarihana ny mpivory.

**FANAMARIHANA:**

- Tokony hampidirana ao anatin'ity Volavolan-dalàna ity ihany koa ny tsy maintsy hisitrahan'ireo mpiasa ny CNaPS;
- Tokony hifanaraka amin'ny fe-potoana hiasana ny "bail emphytéotique" omena ireo mpampiasa vola, fa tsy voatery hanenjika 99 taona;
- Tokony hatao matanjaka ny lafiny serasera mba hanamorana ny fanaparahana ny votoatin'ny lalàna mifehy ny fampisam-bola ho fantatry ny olom-pirenena rehetra;
- Tsy hita taratra ao amin'ny Famelabelarana ny Antonantony ny ady amin'ny kolikoly;
- Ho an'ireo Firenena lehibe toy i "Allemagne" dia ny Kaoperativa no anisan'ny herijika nampiakatra haingana ny toekarem-pirenena, koa tsara raha jerena manokana ny hampiroboroboana izany eto amintsika;
- Tokony hamafisina ny fiaraha-miasa amin'ireo sampandraharaham-panjakana hafa, toy ny Ministera misahana ny Angovo, ny Fananan-tany, ny Fambolena sy Fiompiana ary ny Jono, sns...

Taorian'izay dia niroso tamin'ny fametrahana fanontaniana ny mpivory.

**FANONTANIANA SY VALINY:**

1. Nahoana no efa hifarana ny taom-piasan'ny fitondram-panjakana vao naroso tetỳ amin'ny Antenimierampirenena ity Volavolan-dalàna ity?
 

***Ny taona 2019 no namolavolana ity Volavolan-dalàna ity ary efa nandalo Filankevitry ny Governemanta maromaro vao nankatoavin'ny Filankevitry ny Minisitra ka izao aroso eto anivon'ny Antenimierampirenena izao noho izy efa fantatra fa tomombana tsara.***
2. Tsy hanohintohina ny voalazan'ny "décret MECIE" na ny "Décret relatif à la mise en compatibilité des investissements avec l'Environnement" ve ny fanalefahana ny fepetra fampiroboroboana ny fampiasam-bola izay mety hisy fiantraikany amin'ny tontolo iainana?
 

***Ity Volavolan-dalàna ity dia tsy manafonana na mandingana velively ny "Décret MECIE" fa na dia ho maro aza ny mpampiasa vola ho tonga noho ireo fepetra izay nohatsaraina dia ho hentitra ny fanaraha-maso ary dingana tsy maintsy atao toy ny "Etude d'impact environnementale" mialohan'ny asa sy fananganana ataon'ireo mpampiasa vola.***
3. Inona no andraikitra raisin'ny Minisitara manoloana ireo mpampiasa vola mitondra mpiasa avy any ivelany hanao ireo asa vitan'ireo mpiasa teratany malagasy?
 

***Eo amin'ny fangatahana "Visa" dia anisan'ny antontan-taratasy ilaina ny fifanarahana arak'asa (contrat de travail) hifanaovan'ny mpiasa afarana sy ny mpampiasa, ka amin'ny alalan'izany no ahafahan'ny Minisiteran'ny Asampanjakana sy ny Lalàna Sosialy manome na tsia ny "Visa". Tsy tokony hanafarana mpiasa avy any ivelany ireo asa izay ananan'ny mpiasa eto antoerana fahaiza-manao araka izany.***

4. Misy fepetra manokana ve amin'ity Volavolan-dalàna ity hiadiana amin'ny fampiasana zaza tsy ampy taona?

***Ity Volavolan-dalàna ity dia mametraka ireo fepetra ankapobeny, fa tsy mitsipaka ireo lalàna efa misy. Mihatra avy hatrany ny lalàna mifandraika amin'ny fampiasana zaza tsy ampy taona raha toa misy izany. Tsara marihana ihany koa fa ny tseña any amin'ny firenen-dehibe, toy ny any Eoropa dia mametraka ny sivana, ka ao anatin'izany ny tsy fandraisana ireo vokatra azo avy amin'ny fampiasana zaza tsy ampy taona.***

5. Nahoana no nesorina ny fanaovana “légalisation des signatures” kanefa io no anisan'ny fidiram-bolan'ny Kaominina?

***Ny antony nanesorana ny “légalisation des signatures” dia mba hanamaivanana ireo dingana ara-panjakana sy hisorohana ny kolikoly mety hisy aterak'izany.***

6. Afaka misitraka ireo zo maha “investisseurs” ve ny mpandraharaha ara-barotra tsotra kanefa mahafeno fepetra?

***Raha toa nahafeno ireo fepetra efa maha “investisseurs” ny olona na vondron'olona dia tsy maintsy manao “déclaration” any amin'ny EDBM vao afaka misitraka ny sata maha “investisseurs”.***

Rehefa izany dia niroso tamin'ny fandinihana isan'andiny momba ny Volavolan-dalàna ny mpivory. Fanitsiana iray sy fanovàna miisa 2 no nentin'ny mpivory tamin'izany, ka ny andiny voalohany dia nitondrana fanitsiana, fa ny andiny faha-13 sy faha-23 no nitondrana fanovàna.

Nalefa tao amin'ny teboka faha-2 ny famaritana ny “investissement direct”; ny “investissement de portefeuille” ary ny “expropriation d'un investissement” izay tao amin'ny teboka faha-6, faha-7 ary faha-8 ao amin'ny andiny voalohany. Natao izany mba hampirindra tsara izay lazain'io andiny voalohany io.

Teboka 2 no fanovàna tao amin'ny andiny faha-13:

- Nampidirina tao ny voambolana “travailleur avec compétence spécifique” izay mamaritra ireo mpiasa manana traikefa kanefa tsy manana diplaoma manamafy izany, toy ireo mpanao “soudure” sasantsany ohatra.
- Noferana ihany koa ny tahan'ny mpiasa vahiny afaka manao io asa “avec compétence spécifique” io. Ny anton'ny fanovàna dia hita fa misy amin'ireo mpampiasa vola no mitondra mpiasa avy any ivelany kanefa ny asa ampanaovina azy ireo dia hain'ny mpiasa eto an-toerana atao sy ananany traikefa. Mety tsy hahatrarana ny tanjona napetraka amin'ny famoronana asa eto an-toerana izany. Marihana fa ny Minisiteran'ny Asam-panjakana sy ny Fampananan'Asa ary ny Lalàna Sosialy no mamoka ny “visa de catégorie travailleur”.

Raha ny tao amin'ny andiny faha-23 no jerena dia natao mazava kokoa ny famaritana ny “communauté locale” teo amin'ny teboka (d) sy ny fanasarahana ny vehivavy sy ny olona sembana ao amin'ny teboka (i) satria tsy tokony hitovy ny fikarakarana ny olona manana fahasembanana sy ny vehivavy tomady.

Rehefa izany dia niroso tamin'ny fandaniana ny Volavolan-dalàna ny mpivory.

- Famelabelarana ny Antonantony: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna;
- Andininy voalohany: Lany nasiam-panitsiana (jereo tovana);
- Andininy faha-2 ka hatramin'ny andininy faha-12: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna;
- Andininy faha-13: Lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (jereo tovana);
- Andininy faha-14 ka hatramin'ny andininy faha-22: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna;
- Andininy faha-23: Lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (jereo tovana);
- Andininy faha-24 ka hatramin'ny andininy faha-35: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna;

Taorian'izay dia niroso tamin'ny fandaniana ankapobeny ny Volavolan-dalàna ny mpivory. Noho ny tsy fahatrarana ny fetr'isa ahazoana manapakevitra dia naato 30 minitra ny fivoriana ho fanajana ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena.

Rehefa izany dia nolanian'ny Vaomieran'ny Indostria sy ny Fampandrosoana ny Sehatr'asa tsy miankina amin'ny Fanjakana ary ny Orinasa Madinika sy Salantsalany tamin'ny endriny nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna ny Volavolan-dalàna laharana faha-003/2023 tamin'ny 9 Martsa 2023 «sur les Investissements à Madagascar», ka hoentina eny anivon'ny fivoriambe mba handraisana fanapahan-kevitra farany.

Nifarana tamin'ny 6 ora, hariva, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory Andriamatoa Filoha.



## TOVANA

VERSION ORIGINALE	VERSION AMENDE
<p><b>Article 1: Définitions</b></p> <p>Au sens de la présente loi, on entend par:</p> <ol style="list-style-type: none"> <li>1. «incitations»: les avantages accordés par la loi aux investisseurs remplissant des critères précis et objectifs d'éligibilité, dans le but de les encourager à agir d'une certaine manière.</li> <li>2. «investissement»: un apport en capital sous forme d'avoir tels que les biens, droits et intérêts de toute nature affectés de manière durable dans une société, comportant un risque économique pour l'investisseur et permettant de concourir au développement économique de Madagascar. Il s'agit particulièrement: <ol style="list-style-type: none"> <li>a) des actions, parts, obligations et autres formes de participation au capital de la société ou d'une autre société</li> <li>b) de titres de créances d'une autre société;</li> <li>c) des prêts à une société, y compris les avances en</li> </ol> </li> </ol>	<p><b>Article 1: Définitions</b></p> <p>Au sens de la présente loi, on entend par:</p> <ol style="list-style-type: none"> <li>1. «incitations»: les avantages accordés par la loi aux investisseurs remplissant des critères précis et objectifs d'éligibilité, dans le but de les encourager à agir d'une certaine manière.</li> <li>2. «investissement»: un apport en capital sous forme d'avoir tels que les biens, droits et intérêts de toute nature affectés de manière durable dans une société, comportant un risque économique pour l'investisseur et permettant de concourir au développement économique de Madagascar. Il s'agit particulièrement: <ol style="list-style-type: none"> <li>a) des actions, parts, obligations et autres formes de participation au capital de la société ou d'une autre société</li> <li>b) de titres de créances d'une autre société;</li> <li>c) des prêts à une société, y compris les avances en compte courant d'associés;</li> <li>d) des biens mobiliers et immobiliers et autres droits de propriété tels que des hypothèques, privilèges ou gages;</li> <li>e) des droits d'auteur;</li> <li>f) des droits de propriété industrielle tels que des brevets d'invention, des marques, modèles industriels et noms commerciaux, dans la mesure où ils sont déposés à l'Office Malgache de la Propriété Industrielle (OMAPI) ;</li> <li>g) des fonds de commerce et des savoir-faire.</li> </ol> <p>« L'investissement » n'inclut pas :</p> <ol style="list-style-type: none"> <li>a) les investissements de portefeuille ;</li> <li>b) les titres de créance émis par un gouvernement ou les prêts consentis à un gouvernement ;</li> <li>c) les créances liquides provenant uniquement de contrats commerciaux pour la vente de biens ou de services par une société opérant sur le territoire malagasy, ou de l'octroi de crédits dans le cadre d'une transaction commerciale, ou de toute autre créance qui ne suppose pas le versement d'intérêts énoncés aux sous-paragraphe a à g) ci-dessus ;</li> <li>d) les lettres de crédit bancaire ;</li> <li>e) les opérations commerciales spontanées; et</li> </ol> </li> </ol>

<p>compte courant d'associés;</p> <p>d) des biens mobiliers et immobiliers et autres droits de propriété tels que des hypothèques, privilèges ou gages ;</p> <p>e) des droits d'auteur ;</p> <p>f) des droits de propriété industrielle tels que des brevets d'invention, des marques, modèles industriels et noms commerciaux, dans la mesure où ils sont déposés à l'Office Malgache de la Propriété Industrielle (OMAPI) ;</p> <p>g) des fonds de commerce et des savoir-faire.</p> <p>« L'investissement » n'inclut pas :</p> <p>a) les investissements de portefeuille ;</p> <p>b) les titres de créance émis par un gouvernement ou les prêts consentis à un gouvernement ;</p> <p>c) les créances liquides provenant uniquement de contrats commerciaux pour la vente de biens ou de services par une société opérant sur le</p>	<p>f) les créances sur des échéances inférieures à trois ans.</p> <p><b>2.1 «investissement direct»: un investissement réalisé par un investisseur, lequel consiste en un placement d'un capital, de ressources ou d'actifs dans une société implantée ou à créer sur le territoire malagasy, dans le but d'y acquérir une participation durable, comportant un risque économique pour l'investisseur, lui conférant un contrôle effectif ou un degré significatif d'influence dans la direction de ladite société et qui permet de concourir au développement économique de Madagascar.</b></p> <p><b>2.2 « investissement de portefeuille » : un investissement qui représente moins de 10% du capital social de la société ou un investissement qui ne permet d'exercer ni un contrôle effectif sur la société ni une influence significative sur la société.</b></p> <p><b>2.3 « expropriation d'un investissement » : tout acte par lequel l'Etat, contraint un investisseur à lui transférer la propriété de son investissement, ou en l'absence de tout transfert formel de propriété, toute autre mesure ou série de mesures ayant un effet équivalent caractérisé par une privation substantielle de l'investisseur des attributs fondamentaux de son droit de propriété.</b></p> <p>3. « investisseur » : toute personne physique ou morale, nationale ou étrangère, résident ou non résident, participant à un investissement dans les conditions définies par la présente loi.</p> <ul style="list-style-type: none"> <li>– <b>« investisseur national » : tout investisseur, personne physique ou morale, de nationalité malagasy ou personne morale de droit malagasy contrôlée par des intérêts nationaux.</b></li> <li>– <b>« investisseur étranger » : tout investisseur, personne physique ou morale, de nationalité autre que malagasy ou personne morale de droit malagasy contrôlée par des intérêts étrangers.</b></li> </ul> <p>Une personne physique ou morale est présumée détenir le contrôle d'une société :</p> <p>d. soit lorsqu'elle détient, directement ou indirectement ou par personne interposée, plus de la moitié des droits de vote d'une société ;</p> <p>e. soit lorsqu'elle dispose de plus de la moitié des droits de vote d'une société en vertu d'un accord ou d'accords conclus avec d'autres associés de cette société ;</p> <p>f. soit lorsqu'elle détermine en fait, par les droits de vote dont elle dispose, les décisions dans les assemblées générales de cette société. Elle est présumée exercer ce contrôle lorsqu'elle dispose, directement ou indirectement, d'une fraction des droits de vote supérieure à 40% et qu'aucun autre associé ou actionnaire ne détient, directement ou indirectement, une fraction supérieure à la sienne.</p>
---	--

territoire malagasy, ou de l'octroi de crédits dans le cadre d'une transaction commerciale, ou de toute autre créance qui ne suppose pas le versement d'intérêts énoncés aux sous-paragraphes a) à g) ci-dessus ;

- d) les lettres de crédit bancaire ;
  - e) les opérations commerciales spontanées; et
  - f) les créances sur des échéances inférieures à trois ans.
3. « investisseur » : toute personne physique ou morale, nationale ou étrangère, résident ou non résident, participant à un investissement dans les conditions définies par la présente loi.
4. «investisseur national»: tout investisseur, personne physique ou morale, de nationalité malagasy ou personne morale de droit malagasy contrôlée par des intérêts nationaux.
5. «investisseur étranger»: tout investisseur, personne physique ou morale, de nationalité autre que malagasy ou personne morale

de droit malagasy contrôlée par des intérêts étrangers.

Une personne physique ou morale est présumée détenir le contrôle d'une société :

- a. soit lorsqu'elle détient, directement ou indirectement ou par personne interposée, plus de la moitié des droits de vote d'une société ;
- b. soit lorsqu'elle dispose de plus de la moitié des droits de vote d'une société en vertu d'un accord ou d'accords conclus avec d'autres associés de cette société ;
- c. soit lorsqu'elle détermine en fait, par les droits de vote dont elle dispose, les décisions dans les assemblées générales de cette société. Elle est présumée exercer ce contrôle lorsqu'elle dispose, directement ou indirectement, d'une fraction des droits de vote supérieure à 40% et qu'aucun autre associé ou actionnaire ne détient, directement ou indirectement, une fraction supérieure à la sienne.

6. «investissement direct»: un investissement réalisé par un investisseur, lequel consiste en un placement d'un capital, de ressources ou d'actifs dans une société implantée ou à créer sur le territoire malagasy, dans le but d'y acquérir une participation durable, comportant un risque économique pour l'investisseur, lui conférant un contrôle effectif ou un degré significatif d'influence dans la direction de ladite société et qui permet de concourir au développement économique de Madagascar.
7. «investissement de portefeuille»: un investissement qui représente moins de 10% du capital social de la société ou un investissement qui ne permet d'exercer ni un contrôle effectif sur la société ni une influence significative sur la société.
8. «expropriation d'un investissement»: tout acte par lequel l'Etat, contraint un investisseur à lui transférer la propriété de son investissement, ou en l'absence de tout transfert formel de propriété, toute autre mesure ou série de mesures ayant un effet

<p><u>équivalent caractérisé par une privation substantielle de l'investisseur des attributs fondamentaux de son droit de propriété.</u></p>	
<p><b>Article 13: Visa de catégorie «Travailleur».</b> Un «<u>Visa Travailleur</u>» est octroyé à tout salarié étranger d'une société conditionné par l'obtention préalable d'une autorisation d'emploi ou permis de travail dont la durée ne peut dépasser celle du contrat de travail délivré par le Ministère en charge du travail. Le Visa Travailleur est fixé pour une durée n'excédant pas celle de l'autorisation d'emploi.</p>	<p><b>Article 13: Visa de catégorie «Travailleur avec compétence spécifique ».</b> Un «Visa Travailleur <b>avec compétence spécifique</b>» est octroyé à tout salarié étranger d'une société conditionné par l'obtention préalable d'une autorisation d'emploi ou permis de travail dont la durée ne peut dépasser celle du contrat de travail délivré par le Ministère en charge du travail. Le «Visa Travailleur avec <b>compétence spécifique</b>» est fixé pour une durée n'excédant pas celle de l'autorisation d'emploi. <b>Ces Travailleurs étrangers «avec compétence spécifique» ne doivent pas excéder 20% de l'ensemble des employés de la société.</b> <b>Les modalités définissant les «compétences spécifiques» sont précisées par voie réglementaire.</b></p>
<p><b>Article 23: Responsabilité Sociétale</b></p> <p>1. En conformité avec la législation en vigueur, tout investisseur et toute société objet d'un investissement tiennent compte des normes reconnues en matière de responsabilité sociétale de l'entreprise dans leurs politiques et pratiques commerciales, notamment :</p> <p>a) en adoptant une démarche de gouvernance responsable ; b) en conciliant performance sociale</p>	<p><b>Article 23: Responsabilité Sociétale</b></p> <p>1. En conformité avec la législation en vigueur, tout investisseur et toute société objet d'un investissement tiennent compte des normes reconnues en matière de responsabilité sociétale de l'entreprise dans leurs politiques et pratiques commerciales, notamment :</p> <p>a) en adoptant une démarche de gouvernance responsable ; b) en conciliant performance sociale et performance économique ; c) en promouvant la diversité au travail ; d) en encourageant la coopération avec les communautés locales <b>notamment les Communes et Fokontany</b>, et en soutenant leur développement ; e) en prenant en compte les attentes de la société dans le cadre de ses activités ; f) en faisant preuve de transparence dans ses activités et ses relations avec l'Etat ; g) en adoptant une bonne déontologie tant vis-à-vis de ses collaborateurs internes qu'externes ; h) en donnant la priorité à l'emploi de nationaux à compétence égale et à la fourniture locale de biens et</p>

<p>et performance économique ;</p> <p>c) en promouvant la diversité au travail ;</p> <p>d) en encourageant la coopération avec les communautés locales et en soutenant leur développement ;</p> <p>e) en prenant en compte les attentes de la société dans le cadre de ses activités ;</p> <p>f) en faisant preuve de transparence dans ses activités et ses relations avec l'Etat ;</p> <p>g) en adoptant une bonne déontologie tant vis-à-vis de ses collaborateurs internes qu'externes ;</p> <p>h) en donnant la priorité à l'emploi de nationaux à compétence égale et à la fourniture locale de biens et services à qualité égale et quantité égale ;</p> <p>i) en encourageant l'embauche et le maintien en fonction des femmes et des personnes en situation de handicap ;</p> <p>j) en respectant l'égalité de traitement de tous les employés à capacité de travail et aptitude égales, qu'ils soient valides ou en</p>	<p>services à qualité égale et quantité égale ;</p> <p><b>i) en encourageant l'embauche et le maintien en fonction des femmes ;</b></p> <p><b>j) en encourageant l'embauche et le maintien en fonction des personnes en situation de handicap;</b></p> <p>k) en respectant l'égalité de traitement de tous les employés à capacité de travail et aptitude égales, qu'ils soient valides ou en situation de handicap, qu'ils soient hommes ou femmes ;</p> <p>l) en adoptant toutes autres démarches favorables au concept de la Responsabilité Sociétale de l'Entreprise.</p> <p>2. L'Etat peut émettre des recommandations aux sociétés afin d'améliorer les démarches en matière de responsabilité sociétale.</p> <p>3. Les modalités d'application du présent article sont prévues par voie réglementaire.</p>
---	---

<p>situation de handicap, qu'ils soient hommes ou femmes ;</p> <p>k) en adoptant toutes autres démarches favorables au concept de la Responsabilité Sociétale de l'Entreprise.</p> <p>2. L'Etat peut émettre des recommandations aux sociétés afin d'améliorer les démarches en matière de responsabilité sociétale.</p> <p>3. Les modalités d'application du présent article sont prévues par voie réglementaire.</p>	
--	--



Rehefa avy nisaotra an'Andriamatoa RAVELOSON Guillaume Narinandrasana, tamin'ny famakiany ny tatitra, Ramatoa Filoha, nambarany fa hiroso amin'ny fanamarihana na fanitsiana momba izany ny mpivory; avy amin'ny Solombavambahoaka aloha avy eo ny solotenan'ny Governemanta

Raha nomena fitenenana, Andriamatoa ANDRIAMBELOSOA Heriniaina, nambarany fa ao amin'ny pejy faha-8 no nasiana fanitsiana, satria famaritana ihany io fa hafa ny fanazavana tokony hikasika azy io.

Nitondra fanamarihana momba ny filaharana ao amin'ny pejy faha-14, ao amin'ny «colonne 2» koa ny tenany: a, b, c no tokony ho eo fa tsy d, e, f.

Taorian'izay, nomena fitenenana ny solotenan'ny Governemanta raha misy fanitsiana na fanamarihana momba ny tatitra

Nanambara Andriamatoa Minisitry ny Varotra sy ny Indostria ary ny Fanjifana, fa tsy manankambara momba ny tatitra ny Minisitera.

Rehefa izany, nomen-dRamatoa Filoha fitenenana, Andriamatoa Minisitry, mba hitondra fanazavana momba ny volavolan-dalàna.

Toy izao ny fanazavana nataon'Andriamatoa RAZAFINDRAVAHY Edgard, Minisitry ny Varotra sy ny Indostria ary ny Fanjifana.

Ny Solombavambahoaka no niaraka nidinika tamin'ny Minisitry momba ity volavolan-dalàna ity nandritra ny fotoana naharitra. Amin'izao andro izao, entina eto aminareo rehefa nodinihana tany amin'ny asam-baomiera. Efa ela no niandrasana ity volavolan-dalàna ity araka ny voalaza teo, fa izao izy vao haroso amin'ny fandaniana azy.

Tsara ny manamarika, fa tsy misy intsony fanilikilihana atao amin'ny mpampiasa vola avy eto an-toerana raha oharina amin'ny mpampiasa vola avy any ivelany. Taratra ao amin'ny veliranon'ny Filohampirenena koa ny fametrahana laharam-pamehana amin'ny fampiasambola eto an-toerana mba hisian'ny fanilikilihana ataon'ireo mpampiasa vola vahiny. Hita ao amin'ny "article 3" sy "article 4" ny fanazavana izany. Izany hoe, ny fanjakana Malagasy no miantoka ny fampandehanan-draharaha momba ny fampiasambola eto an-toerana satria tsapa taloha fa saika nahazo vahana ny vahiny teto amintsika.

Hita ao amin'ny "article 6" ny fanazavana mikasika izay rehetra voalaza teo ary mitohy ao amin'ny "article 7" sy "article 20" ihany koa.

Marihana hoy, Andriamatoa Minisitry, natao ho zava-dehibe ny fiarovana ny firenena Malagasy raha ity volavolan-dalàna ity no resahana. Ao amin'ny "article 18" no ahitana izany satria navahana mihitsy ny momba ny fananan-tany ho an'ireo vahiny, toy ny tsy fahazoany mividy tany, ny fanofana tany maharitra. Ity farany ihany no azon'izy ireo atao eto amin'ny firenentsika ary arahana fepetra samihafa izany; hita ao amin'ny "article 20" ka hatramin'ny "article 28" ny momba azy ireo.

Mikasika ny fanarahana ny lalàna manan-kery eto amintsika, notsindriny fa nampidirina tato anaty volavolan-dalàna ny famoronana asa ho an'iny Malagasy. Efa nisy ny natao momba

izany kanefa tsy maintsy tohizana hatrany, ny “article 22” sy ny “article 24” no manazava izay.

Toy izay raha azavaina amin’ny ankapobeny ity volavolan-dalàna mikasika ny “Invesstissements” eto Madagasikara ity.

Taorian’izay, nambaran-dRamatoa Filoha, fa hiroso amin’ny adihevitra ankapobeny ny mpivory, ka nomeny fitenenana ny Solombavambahoaka.

Raha nandray fitenenana, Andriamatoa RAKOTOARISOA Nirina Fenohery Johnny, nambarany ny momba ny “beillièrè fontique” ao anatin’ity volavolan-dalàna ity, noferana ho 50 taona ny fifanarahana atao amin’izao fotoana izao raha 80 taona ny fifanarahana toe aloha, tamin’ireo mpampiasa vola teratany vahiny eto amintsika. Izany hoe, nisy fanatsarana io fotoana ahazoany manofa tany eto amintsika io. Mankasitraka ny fanapahan-kevitra tahaka izay.

Manao ahoana ny momba tany eny amin’ny Kaominina; izy ihany ve no manao ny fifanarahana eny ifotony sa resahana fotsiny ato anaty volavolan-dalàna izany kanefa tsy ampandraisina anjara ny tomponandraikitra any an-toerana mikasika ny fampiasam-bola. Tokony hojerena ny momba izay ary raha mety, mba aleo hisy vola miditra ho an’ny Kaominina amin’ny resaka fampiasam-bola.

Raha nandray fitenenana Andriamatoa RAZARA Pierre Ravolaza Fidèle, nambarany araka ny fanazavan’Andriamatoa Minisitra teo, fa nisy zavatra tsy nety tamin’ny lalàna teo aloha ka izay no nahatonga an’izao fanavaozana ny volavolan-dalàna izao. Izany hoe, natao ity lalàna vaovao ity mba ahafahana miverina amin’izay fahalalahan’ny mpampiasa vola eto an-toerana izay, kanefa efa betsaka ny vahiny no manana zompirenena Malagasy amin’izao fotoana izao. Raha miresaka ny “investisseur” na ny mpampiasa vola, ny vahiny foana no tonga ao antsaintsika voalohany; ny antony, ny sarety indray no lasa aloha fa ny omby no tarihina. Izany hoe, saika nitovy tamin’ny “code minier” vao nolaniahana teto. Tonga indray ity volavolan-dalàna ity dia holaniahana ihany koa.

Nomarihany ihany koa fa betsaka ny olona mpampiasa vola no mitaraina, fa tsy afaka mivelatra mihitsy izy ireo amin’ny fampiasam-bola ataony eto an-toerana noho ny vahiny izay milaza fa tompon’ny tany sy ireo olona manambara fa mpanam-bola ka tsy tokony hidiran’ny mpandraharaha madinika ny fampiasam-bola ataon’izy ireo. Miangavy ny hijerena ny mpampiasa vola madinika izahay, fa tsy ireo mpanam-bola ihany no hisehatra ao anatin’izany.

Nitsindriany koa ny resaka jono eto an-toerana, satria matoa namoaka didy ny Minisitara dia tokony izay ihany no arahan’ny rehetra, fa tsy rehefa mivoaka ny didy avy any amin’ny Minisitara, mbola misy baiko hafa indray milatsaka tsy fantatra hoe avy aiza. Ahiahy iny nambara iny, mba tsy hisian’ny zavatra tahaka izany intsony.

Taorian’ny fametrahana fanontaniana sy fanamarihana avy tamin’ny Solombavambahoaka dia nomena an’Andriamatoa Minisitra, ny fitenenana hamaliany izany.

Toy izao ny fandraisam-pitenenana nataon'Andriamatoa RAZAFINDRAVAHY Edgard, Minisitry ny Industria, ny Varotra ary ny Fanjifana.

Tamin'ny lalàna teo aloha, mikasika ny fampanofana tany ho an'ny vahiny, nanomboka 18 taona ny fifanarahana ka hatramin'ny 99 taona raha be indrindra. Nahena izany amin'izao fotoana izao raha araka ny hitantsika ao anaty volavolan-dalàna. Izany hoe, nisy ezaka natao ho fantsarana izay lafiny izay, mba hahazoan'ny teratany Malagasy misitraka ny zo tokony hananany amin'ny resaka fizakan-tany mikasika ny fampiasam-bola. Noho izany, nojerena izay hahazoan'ny teratany Malagasy tombotsoa amin'ny fampiasam-bola ataony eto an-toerana fa tsy vahiny milaza fa mpanam-bola ihany no hahazo tombony.

Voalohany, efa mamaly sahady ny fanontaniana napetrak'Andriamatoa RAZARA Pierre Ravolaza Fidèle, milaza fa tsy misy ny "rétroactif" ny fanarahan-dalàna izay mihatara mba tsy hisian'ny fihoaram-pefy eo amin'ny samy mpampiasa vola. Izay no antony nanatsarana ity lalàna mikasika ny fampiasam-bola eto amintsika ity. Nohatsaraina mba tsy hisian'ny fihoaram-pefy araka ny vaolaza teo.

Momba ny vahiny mampiasa vola eto an-toerana, efa noresahana teo izany, raha ny valinteny tokony homena ny Solombavambahoaka voafidy tao Ambohidratrimo teo, hita ao amin'ny "article 1" ka hatramin'ny "article 5" ny fanazavana mikasika izany. Marihana, fa misy foana ny "loi spécifique", ka rehefa misy mividy ny tany, tsy maintsy mijery "loi générale" isika ary fantany aorian'izay, fa tsy afaka mividy tany izy, fa manao fifanarahana maharitra ihany satria efa voafaritra ao anatin'ity lalàna ity ny momba izany. Teo aloha, tsy misy didy sy aman-dalàna ho fanajana an'izany zavatra voalaza izany, fa amin'ity volavolan-dalàna ity kosa manana adidy sy andraikitra ny mpandraharaha rehetra eto an-toerana sy vahiny mba hisian'ny fiarovana ny firenena amin'izay mety vokatry ateraky ny tsy fifanarahana eo amin'ny roa tonta. Ohatra amin'ny resaka fampiasam-bola, ahoana no ahafahantsika manaraka ny velirano na ny fandaharan'asan'ny Filohampirenena raha tsy havaozintsika ny lalàna mifanaraka amin'izany. Tsy afaka manatanteraka izany isika raha tsy mitondra fanavaozana amin'ny lalàna ampiarina eto amintsika. Izany hoe, tokony ho amin'ny tombotsoan'ny teratany Malagasy ny fanavaozana entina kanefa mitsinjo ihany koa ny faharisihan'ireo vahiny hampiasa ny volany eto an-toerana.

Rehefa avy nisaotra an'Andriamatoa Minisitry, tamin'ny valim-panontaniana nomeny, Ramatoa Filoha dia nanambara fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitry isan'andinin'ny momba ny volavolan-dalàna ny mpivory raha tsy misy manan-kolazaina intsony.

Nomarihany, fa ahitana andinin'ny miisa 35 ity volavolo-dalàna ity.

Famelabelarana ny antonantony: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 20 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny famelabelarana ny antonantony.

Andinin'ny voalohany: lany nasiam-panitsiana (jereo ny tovana)

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 20 no nandany, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny andininy voalohany nasiam-panitsiana.

Andininy faha-2: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 20 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-2.

Andininy faha-3 ka hatramin'ny andininy faha-7: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 20 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny Andininy faha-3 ka hatramin'ny andininy faha-7.

Andininy faha-8 ka hatramin'ny andininy faha-10: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 20 no nandany, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-8 ka hatramin'ny andininy faha-10.

Andininy faha-11 sy ny andininy faha-12: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 20 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-11 sy ny andininy faha-12.

Andininy faha-13: lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 20 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-13.

Andininy faha-14 ka hatramin'ny andininy faha-17: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 20 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-14 ka hatramin'ny andininy faha-17.

Andininy faha-18 sy ny andininy faha-19: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 20 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-18 sy ny andininy faha-19.

Andininy faha-20 sy ny andininy faha-21: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 20 no nandany, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-20 sy ny andininy faha-21.

Andininy faha-22: lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (jereo ny tovana).

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 20 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-22.

Andininy faha-23: lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (jereo ny tovana).

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 20 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny Andininy faha-23.

Andininy faha-24: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 20 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-24.

Andininy faha-25 ka hatramin'ny andininy faha-28: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 19 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-25 ka hatramin'ny andininy faha-28.

Andininy faha-29 ka hatramin'ny andininy faha-31: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 19 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-29 ka hatramin'ny andininy faha-31.

Andininy faha-32 ka hatramin'ny andininy faha-35: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 19 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-32 ka hatramin'ny andininy faha-35.

Taorian'izay, nambaran-dRamatoa Filoha, fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra ankapobeny momba ny volavolan-dalàna laharana faha-003/2023 tamin'ny 9 Martsa 2023 «sur les Investissements à Madagascar» ny mpivory.

Nomarihany, fa ny andininy faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no ampiharina amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny volavolan-dalàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 19 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny volavolan-dalàna laharana faha-003/2023 «sur les Investissements à Madagascar».

Rehefa izany, nomen-dRamatoa Filoha, fitenenana Andriamatoa RAZAFINDRAVAHY Edgard, Ministry ny Industria sy ny Varotra ary ny Fanjifana.

Fisaorana ny Solombavambahoaka nanatrika ny fivoriana ka nandany volavolan-dalàna no nataony. Tahaka izay, fisaorana an-dRamatoa Filoha tamin'ny fitarihana izany fivoriana izany. Nohamafisiny fa houisina ny sosokevitra natolotry ny Solombavambahoaka nandray fitenenana teo mba entina hanatsarana ny fampiasam-bola eto Madagasikara.

Nitondra fankasitrahana ny solotenan'ny Governemanta namany, koa ny tenany, tamin'ny fandavorariana ny votoatin'ny volavolan-dalàna natolotra teto androany.

Talohan'ny hiatoan'ny fivoriana, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana manaraka, Ramatoa Filoha, ka ny Talata faha-23 Mey 2023, amin'ny 10 ora, maraina, hisy ny asam-baomiera handinihina ny volavolan-dalàna laharana -001/2023 tamin'ny 15 Martsa 2023 "autorisants la ratification de l'accord de prêt relatif au financement additionnel du Programme Africain de Financement de la Gestion des Risques de Catastrophes (ADRFi) à Madagascar, conclu le 17 janvier 2023 entre la République de Madagascar et de la Banque Africaine de Développement et le Fonds Africain de Développement (agissant à titre d'administrateurs de la Facilité d'Appui à la transition)-(BAD/FAT), hatao ao amin'ny "Salle

du Bureau Permanent" ary handraisana fanapahan-kevitra amin'ny alalan'ny fivoriambe amin'ny 3 ora, tolak'andro, ato amin'ny "Salle des Séances".

Manomboka ny Alarobia 24 Mey 2023, amin'ny 10 ora, maraina, ny fanoloran'ny mpikambana ao amin'ny Governemanta ny asa vitany tamin'ny taona 2022 na ny "Rapport d'activités du Gouvernement"; ka amin'io andro io dia ny Praiminisitra, Lehiben'ny Governemanta, no hisantatra izany, aorian'izay, ny Minisitry ny Fiarovam-pirenena, ny Minisitry ny Filaminam-bahoaka ary ny Sekreteram-panjakana ao amin'ny Minisiteran'ny Fiarovam-pirenena miadidy ny Zandarimariam-pirenena. Mitohy amin'ny 3 ora, tolak'andro, izany ka ny Minisitry ny Raharaham-bahiny no hanao ny anjarany. Ny Minisitry ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana kosa nangataka ny hanemorana ny tatitra tokony hataony amin'ny Alarobia 31 Mey 2023 ho avy izao.

Niato tamin'ny 1 ora, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Ramatoa Filoha.

NY FILOHA



RAZANAMAHASOA Christine Harijaona